



# MALAZA

N° 12 / Avril 2018 / [www.atd-quartmonde.org](http://www.atd-quartmonde.org)

## EDITORIAL

### Ho voatahirin'ireo fianakaviana ireo ao aminy foana ve ny tany nampanantenaina?

Ho tohin'ny Savaranonando tao amin'ny Ino Malaza laharana faha11 dia nafindra toerana any amin'ny 3 km eo ho eo miala an' Andramiarana ny fanariam-pako tao ary dia miteraka fahasahiranana ho an'ny mponina izany. Tamin'ity taona ity koa, noho ny orana avy matetika dia niaina tao anaty rano foana ny fianakaviana sasantsany. Taloha anefa tsy ohatra izany. Resahina indray ankehitriny ny fanohizana ny fanamboarana ny lalan'ny Filoha. Azon'ny fianakaviana 12 voakasiky ny fandravana ny maha-zava-dehibe an'io tetikasa io taorian'ny fotoana maharitra nandinihana izany fa mangataka kosa izy mba tsy hatao sira latsaka an-drano ny laniny rehetra noho ny ezaka nataony nandritra ny taona maro. Teraka indray ny tahotra: Aiza indray no mbola hitondrana anay? Efa mba hisy zavatra kely ve eo am-pelantanany hahafahana manorina any rehefa tonga ny fotoana? Inona indray no fampanantenana holazaina anay... amin'ity indray mitoraka ity...?" Iarahantsika mahalala fa manan-jo honina amin'ny tany ny olona rehetra fa mbola hanana fanantenana ny tany nampanantenaina ve ireo fianakaviana ireo?

*Amélie KAMONY RAJAONARISON*

### Tsiahin'ny zava-niseho vitsivitsy tamin'ny 2017

#### - Toliara :

Notanterahina ny volana Jolay 2017 tany Toliara manodidina ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny TAPORI ny fetin'ny "festival des arts et des savoirs". Noraisin'ny mpanentana tao Toliara nandritra ny 4 andro ireo avy any Antananarivo sy Mahajanga. Tena nanana ny anjara toeranany tokoa io fihanonan'ny olona avy amin'ny toeran-tsamy hafa io. Fotoan-dehibe nano-sika ny tsirairay hirotsaka bebe kokoa sy nanovo-zany fiofanana, fisokafana amin'ny hafa . ary fivela-rana. Tsy ho an'ny ankizy ihany izany fa ho an'ny olon-dehibe nandray anjara tao koa.



nizaràna ny talenta amam-pahaizana mety hampidi-bola ho azy ireo manko tao raha toa ka voafehiny tsara. Nanararaotra an'io fotoana io koa ny ankizy avy amin'ny kartie samy hafa mba hilalaovana, hianarana fa indrindra hanamafisan'izy samy izy ny fatorana mahapinamana azy ireo. Nanosika ny mpikambana ao Toliara hirotsaka bebe kokoa sy nanentana azy ireo hamerina indray ny famakiam-boky an-kalamanjana ny fisian'ny mpanentana vahiny sy ny fahavitrihan'ireo ankizy.

## Fanentanana ny maha-olom-pirenena

Araka ny fanapahan-kevitra ny Governementa, noho ny fisian'ny pesta, dia tsy azo natao ny famoriam-bahoaka mba hiarovana ny fiparitahan'io valan'aretina io. Tsy nankalazaina, noho izany, ny 17 Oktôbra, Andro Iraisam-pirenena Anoharana ny Fahantrana lalina. Rehefa natsahatra io fepetra vonjimaika io, dia nikarakara hetsika fanentanana ho olom-pirenena tao amin'ny Tranompokonolona Isotry ny ATD Quart Monde ny 15 Desambra 2017. Nomen'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra hampiasaina maimaim-poana io toerana ara-kolontsaina io tamin'io andro io. Taorian'ny kabary fanokafana sy ny dihy nataon'ny tanora, dia nalefa ny sarimihetsika mirakitra ny tari-dalana amin'ny Fitsipika Fototry ny Firenena Mikambana mikasika ny fahantrana lalina sy ny Zon'olombelona izay narahina.adihevitra.

Hoy i Hasina, mpikambana nirotsaka vao tsy ela akory: *"Tena gaga aho nahita fa hay any amin'ny tany manankarena mba misy olona mijaly noho ny fahantrana lalina koa, zavatra tena tsy nampoiziko mihitsy izany.*



*Voamariko koa ny tolona ataon'izy ireo mba ho fampanajana ny hasina maha-olona, indrindra indrindra ny an'ireo olona tena sahirana, satria hoy ity lehilahy iray: Tsy angatahana eo am-pandohalihana ny Zon' Olombelona fa takiana eo am-pijoroana« .*

Taorian'ny adihevitra moa dia nofanana tamin'ny hiragasy ny fotoana mba hamalifaliana ireo fianakaviana lanaky ny adin-tsaina noho ny fahasarotan'ny fiainana sy ny tebeteby lava "toy ny sahabakaka ambodiriana" noho io valanaretina io.



## Andro iray toa zato ho an'i Mahajanga ny 29 Desambra 2017



Notanterahina tao amin'ny efitrano fanaovam-pety tao Mahabibo, Mahajanga ny 29 Desambra 2017 ny famaranana ny faha-50 taonan' ny TAPORI. Andro iray toa zato ho an'ny ankizy tokoa io andro io. Henin-kaja amam-boninahitra koa ny ray aman-drenin'izy ireo izay nasaina hanatrika izany. Nirehareha ny mpikambana tao Mahajanga fa afa-nanatontosa io fety io niaraka tamin'ny mpikambana vitsivitsy avy aty Antananarivo. Ny votoatin'ny fankalazana moa dia nifototra tamin'ny filalaovana ny tantaran'i Fanja tamin'ny alalan'ny marionety nampitondraina ny lohateny hoe "Anjarako indray izao ny mamaky tantara amin'ny hafa". Anisan'ny tantara 1001 io ary manambara ny herim-pon'ny zazavavy kely iray antsoina hoe Fanja. Ny fanentanana ara-kolontsaina tao amin'ny TAPORI no nahatonga azy hanana fisokafana amin'ny hafa sy nitaky ny fanajana ny Zony hianatra na teo aza ny sakantsakana isan-kara-



ny teo amin'ny fiainany.

Hoy ity zazavavy kely iray: "Mampirisika ahy hanohy hatrany ny fianarako ny tantaran'i Fanja" Hoy koa i Dorothée, iray amin'ny mpanentana famakiam-boky an-kalamanjana: "ny adinay sy ny ankizy amin'ny fahantrana lalina dia ny fanananay herim-po sy ny fanentanana ara-kolontsaina omena anay. Sady manome hery anay ireny rehetra ireny no manohana ny ankizy amin'ny fanomanany ny hoaviny". Nanamafy ny fiarahany miombonantoka amin'ny Fikambanana amin'ny ady atao amin'ny fahantrana lalina ny solontenan'ny Ministeran'ny Mponina tonga nanatrika teo ka hoy izy; "Ndao hiara-hiady mba hampanjana ny Zon'ny ankizy".

### Mitombo ny tahan'isan'ny ankizy mianatra



Efa 2 taona izao ny Fikambanana 5 eny amin'ny faritra iva izay samy manana tranom-boky dia i Betania, Livre d'avenir, CDA, Graine de Bitume, CLIC-ATD Quart Monde, no nivondrona hanamorana ny fahafahan'ny olona mamaky boky, indrindra ho an'ireo olona tena sahirana. Iray amin'ny sahanasa ataon'izy ireo ny antsoina hoe: "**boky mitety vohitra**". Ny tanjona amin'io dia mba ho liana amin'ny vaky boky ny olona ka hamonjy ny tranomboky. Ny Fikambanana TSIKI-n'ny Agnès Lainé no manampy azy ireo amin'izany ka mamatsy

azy ireo boky amin'ny teny frantsay ary manamora ny fahazoan'ny mpanentana fiofanana. Ny Edisiona Tanora malagasy "Editions jeunes malagasy" izay soloin'i Marie Michelle tena kosa no manome azy boky malagasy sy mitady famatsiam-bola hividianan'izy ireo boky malagasy rano-fotsiny. Ny kendrena amin'izany moa dia mba hampahafantarana ny kolon-tsaina malagasy efa tsy dia fantatry ny ankamaroan'ny tanora ankehitriny intsony. Isaky ny Alarobia maraina ny fanentanana vaky boky ary mihodina isam-bolana amin'ireo tranomboky dimy ireo. Maro, noho izany, ny tanora sy ankizy no voasarika hiditra na hiverina ao amin'ny tranomboky. Hoy ity tanora iray: "Noho ny fisian'ny tranomboky eto amin'ny kartie dia miakatra ny tahan'isan'ny ankizy manohy fianarana. Nihamaro koa ny zanak'Antohomadinika III Hangar no tafita hatrany amin'ny BACC ary reharenanay izany. Taloha manko dia betsaka ny mpianatra nitsoaka an-daharana noho ny tsy fahafahan'ny ray aman-dreniny mividy boky. Ilaina ny "foibe ara-kolontsana" toy itony, hoy ihany izy, fa ahafahana mampandroso ny tanàna.

## "Tsy hanitsa-potaka sy tsy hirobo-drano intsony ny tongotray"



Noho ny fangatahan'ny mpikambana sy ny mponina manamorona an'iny lalankely amin' ny vakim-paritra I ao Antohomadinika III G Hangar iny, dia nikarakara asa asa vadi-drano niaraka tamin'ny mpikambana sy ny mponina ny ATD Quart Monde ny Asabotsy 24 Febroary sy 10 Marsa. Ny tanjona tamin' ireo dia ny hanototra ny lalankely mivoaka mankany amin'ny tetezana avy any amin'ilay lalankely vao namboarina ao amin'ny vakim-paritra faha-II izay andrasan'ny mponina fatratra ny fanohizana ny tetikasa fanasiana



"pavé écologique" azy. Tratan'ny tondra-drano foana manko ireo lalankely roa ireo isaky ny fotoanan'ny ranonorana. Fanamafisana ny firotsahana sy ny maha-olom-pirenena rahateo koa ny fanaovana atrikasa. Nandray anjara mavitrika ny mponina manamorona io lalankely io nandritra ireo atrikasa roa ireo Tanora mihoatra ny 50 avy amin'ny toeran-tsamy hafa manodidina an'Antananarivo koa no tonga namaly ny antso. Rara-tany 300 kitapo no notaomina nanotofana lalankely mirefy 69 m. Nanambatambatra vola ny mponina nividianana zava-pisotro tamin'ny fifaranan'ny asa. Tsy hirobo-drano intsony ry zareo izao rehefa mody any aminy. Nisy tanora mpianatry ny "Alliance française" iray nanao fianarana asa nandritra ireo atrikasa roa ireo ary namantatra ny atao hoe "asa fanadiovana faobe" sy ny herim-po ananan'ny olona amin'ny fanaovana asa maimaim-poana ho fanasoavana ny rehetra

### Asa fanadiovana faobe

Io no lohahevitra nosafidian'ny ekipa mpiandraikitra ny "Université Populaire Quart Monde" natao ny 3 Marsa 2018. Nanapa-kevitra handalina misimisy ko-koa ny mikasika azy io ry zareo taorian'ny asa fanadiovana faobe nasionaly natao ny 10 Janoary 2018 sy ny asa vadi-drano nokarakarain'ny ATD Quart Monde tao amin'ny Kartie ny 24 Febroary 2018. Naneho ny heviny mikasika izany ny mpikambana vitsivitsy:

**Hanitra:** "Fomba nataon'ny Fanjakana hanentanana ny vahoaka fotsiny iny Andron'ny fanadiovana faobe nasionaly nokarakarainy iny satria tena tsy ampy mihitsy ny fanadiovana indray mandeha isan-taona. Ny olom-pirenena vanona dia manadio ny manodidina azy isan'andro".

**Mariette:** "Ny tsapako tamin'iny fanadiovana faobe nasionaly iny dia norarahana fanafody famonoana bibikely maimaimpoana avokoa ny sekoly sy ny tranompanjakana rehetra. Ny trano fonenana kosa dia izay nahaloha 1000 Ar. ihany no nasiana. Raha tsy samy misy anefa ny trano rehetra dia mifindra ihany ny otrikaretina. Tiako raha mba samy rarahana fanafody maimaim-poana daholo ny trano rehetra, amin'izay dia misy koa ny an'ny olona tena sahirana".

**Aina :** "Ny tsapako dia nihetsika daholo ny rehetra fa tsy nisy nihalangalana. Tiako ny hanohizana an'io fiaraha-mientana io. Tsy tokony hiandry ny mpiasan'



Ny Kaominina isika. Andraikitsika ny manadio ny Kartientsika

**Henintsoa:** "Tian'ny olona ny miaina amin' ny Kartie madio. Na inona na inona asa atao dia tonga foana izy. Tokony hisy dabam-pako isaky ny 300m na 400m mba hahafahan'ny olona manary ny fakony".

**Charles:** "Heverin'ny olona fa maloto ny olona sahirana. Tsy marina anefa izany. Ny hariva rehefa tafaverina avy any amin' ny "décharge" izy dia misasa alohan'ny hatory. Mampitombo ny firaisankinan'ny olona sy ny fitiavany fahadiovana efa misy ao aminy ny fanadiovana faobe. Madio noho ny teo aloha indray izao ny Kartie. .